
# TORITENY - FIAKARAN'NY TOMPO - TAONA.- B-2024



## *Nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany.*

Ry Kristianina havana, faly sy ravo isika mianakavy amin'izao andro ankalazantsika ny fiakaran'ny Tompo izao satria nisy havantsika tafita. Rehefa misy havantsika tafita na eo amin'ny fanadinana na eo amin'ny fiainana dia mifampiarahaba isika. Ka androany olo araiky amintsika, iray lio amintsika, iray rà amintsika no tafita ka mifampiarahaba satria tafita i Jesoa lohan'ny Eglizy ary isika no Eglizy fianakaviamben'Andriamanitra, Olo Araiky amintsika. Niakatra any an-danitra i Jesoa, any izany no hitoerantsika rehetra. Efapolo andro izao no nihiboka ny Apostoly. Isika koa efa ho roa volana izao no niatrika ny vokadratsin'ny siklaonina ary tena mbola sahirana raha tsy hiresaka afa-tsy ny mikasika ny lalana fotsiny isika. Maro ny very hevitra toa tsy misy farany izy ity ary toa mihasarotra aza. Nampianaran'i Jesoa tamin'ireo Apostoly fa mpiara-belona amintsika izy. Tanteraka ara-bakiteny ny voalazany tamin'izy ireo. Tsara ny mampahatsiahy fa efa taona maro taty aoriana no nanoratana ny Evanjely sy ireo Boky ao amin'ny Testamenta Vaovao. Matoky isika fa nahatsiaro ireo Tenin'I Jesoa ireo Mpianatra fa indrindra tamin'ny vanim-potoanan'ny fihibohana. Nahatsiaro tokoa izy ireo fa niaraka namakivaky ny hafalian'ny Paka tamin'izy ireo I Jesoa. Izany "experience" izany no hiainantsika hatramin'izao ka na dia eo aza ny krizy dia afaka mivelona ny hafaliana Paka isika.

> ***Vakiteny I :*** *Asa 1, 1-11*
> ***Salamo :*** *Sal. 46, 2-3. 6-7. 8-9*
> ***Vakiteny II :*** *Efez. 1, 17-23*
> ***Evanjely :*** *Mk 16, 15-20*

Raha tadidintsika tsara tamin'ny vanim-potoan'ny karemy, rehefa tonga ny Alahadin'ny sampankazo dia nolazaintsika fa miaraka miakatra amin'i Jesoa isika ho an'ny Jerosalema ilay tanànan'ny fiadanana sy masina ka raha miara-miakatra amin'i Jesoa isika dia miara-maty Aminy amin'ny fahotana ka miara- mitsangana Aminy. Niara-nitsangana Aminy isika  ankehitriny ka lasa olom-baovao tamin'ny Paka. Nampianatra antsika i Jesoa tahaka ny nampianarany an'ireo mpianatra nandritra ny efapolo andro taorian'ny nitsanganan-ko velona izay nankalazantsika ny Alahady voalohany amin'ny Paka dia Izy Kristy nandresy ny ratsy hanatsara ny fiainantsika raha manaiky ny hiara-dàlana Aminy isika satria mpiara-belona amintsika tokoa izy.

Ny alahady faharoan' ny Paka, Alahadin'ny famindram-po, nampibaribariana ny maha mpiara-belona azy. Niaraka amin'ireo mpianatra ary indrindra i Tomà isika nibanjina ny Fo masin'i Jesoa, mampibaribary ny Famindram-pon'Andriamanitra. Izy tokoa no endriky ny Famindram-po.

Ny Alahady fahatelon'ny Paka kosa dia nankalazantsika an'i Jesoa Làlana sy Fahamarinana : Niseho sy niara-dàlana tamin'ireo mpianatra roa lahy avy any Jerosalema nankany Emaosy i Jesoa. Rehefa nihaino an'I Jesoa izy ireo dia niova. Tadidintsika ny « mot de passe » teny amin'ny « La Montagne ».

Ny Alahady fahaefatry ny Paka, milaza amintsika i Jesoa fa Izy no mpiandry ondry tsara izay mahafoy ny ainy, manao soa antsika, manasa ny tongotsika ka nanaiky ho mpanompo.

Ny Alahady fahadimin'ny Paka, mampianatra antsika i Jesoa hoe : "Minoa an'Andriamanitra". Izy no làlana ka tsy tokony ho very isika raha miaraka Aminy satria Izy rahateo no fahazavana manilo ny fiainantsika.

Ny Alahady fahaenina amin'ny Paka kosa i Jesoa dia nanambara fa tsy ho kamboty isika fa hangataka amin'ny Ray Izy hanome antsika ny Fanahy mpankahery, ny Fanahy mpanafaka alahelo, ny Fanahy mpanamasina, amin'izay afaka hivelona ny fitondran-tena maha zanak'Andriamanitra isika ka ho tena kristianina tokoa.

Hitantsika àry fa sady nampianatra antsika tokoa i Kristy nandritra ireo efapolo andro taorian'ny fankalazana ny fitsanganan-ko velona ireo izay mbola tohizana amin'izao fankalazana ny "ascension" izao no miara-belona amintsika Izy. Sambatra isika mahalala an'izany. Tena miara-dalana amintsika tokoa I Jesoa. Tsy Andriamanitra lavitra no Andriamanitsika, Andriamanitra velona no arahintsika. Izany no ankalazaintsika isaky ny mankalaza ny Eokaristia ary indrindra hasehontsika amin'ny fomba manetriketrika amin'ny Kongresy Eokaristika Nasiônaly.

Androany miara-mankalaza ny niakarany any an-danitra isika. Ity fankalazana ity dia azo antsoina hoe fitsanganan-ko velona ihany koa, izany hoe endrika isehoan'ny hafenoan'ny Paka, tena mbola anatin'ny vanim-potoana ny Paka isika.

Araka izany voalaza izany dia ny tena fototra ny finoana sy fototra ny fiainantsika  no ankalazaina izao. . Ny antony dia tsotra araka ny vakiteny rentsika nandritra izay 40 andro dia teo tokoa i Jesoa  nanamafy ny finoan'ireo apostoly hahafahany mivelona ny finoana ka hahatonga azy ireo

hanana fahasahiana. Henontsika ny fahasahian’ireo Apostoly amin’ny vakiteny voalohany ary teo koa no nametraka ny rafitry ny Eglizy izy ireo.

Raha ny marina tsara manana “devotion” mitovy amin’ny Karemy isika nandritra izay 40 andro izay. Tahaka ny fibanjinana ireo fijanonana 14 banjinina amin’ny lalan’ny hazofijaliana no aoka handalinantsika ny fijanonana isan’alahady hahatonga antsika hanana ireny toetra fototra asongadin’ireo vakiteny ireny ka ho EOV MISIONERA, HO TABERNAKLA VELONA….

Teo am-piomanana ny fandraisana tamin’ny fomba manetriketrika ny Fanahy Masina, ny andro Pantekoty no nanafatrafaran’i Jesoa an’ireo Apostoly mba tsy hiala ao Jerosalema, fa hiandry izay nampanantenain’ny Ray, araka ny efa nambarany: Io no Batemy amin’ny Fanahy Masina hahatonga azy ireo ho Kristy Mpiara-belona amin’ny olona. Rehefa hidinan’ny Fanahy Masina dia zary vavolombelon’i Kristy hatramin’ny fara vazantany ny Apostoly.

Tamin’izany indrindra no-nanontanian’izy ireo an’i Jesoa hoe: “*Tompoko amin’izay va no fotoana hanangananao ny fanjakan’Israely indray*?”. Fa novalian’i Jesoa sy nobedesiny izy ireo hoe: “*Tsy anareo no mahalala ny andro na fotoana izay efa nalahatry ny Ray amin’ny fahefany*”. Eo ampelantanan’Andriamanitra tokoa ny fotoana sy ny zavatra rehetra. Ampy ho antoka izany, ampy ny mahalala sy matoky an’izany. Zava-dehibe hafa indray kosa no ankinin’i Jesoa amin’izy ireo: “Fa rehefa hidinan’ny Fanahy Masina ianareo dia hahazo hery, ka ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran’i Jodea ary Samaria, ka hatramin’ny fara vazantany”. Adidy aman’andraikitra nankinina amin’ireo mpianatra sy amin’ny Eglizy ary amintsika kristianina tsy an-kanavaka ny ho vavombelon’i Jesoa sy hitory ny Vaovao Mahafaliny hatraiza hatraiza. Tsy hoe ny vahoaka fotsiny no ho tonga ao Jerosalema fa ny mpianatra mihitsy no tsy maintsy mivoaka ao Jerosalema, tsy maintsy mandeha mitory amin’ny tany tontolo sy amin’ny olon-drehetra.

Md Lioka ao amin’ny Boky mitantara ny Asan’ny Apostoly dia milaza amin’ny fomba tsotra sy teny fohy ny Fiakarana: “Nony efa nilaza izany Izy (Jesoa), dia nakarina teo anatrehan’izy ireo: ary nisy rahona nanakona Azy, ka tsy hitan’ny masony intsony Izy”. Voateny ireo mpianatra raha toa ka mbola nibanjina ny lanitra. Mibanjina ny lanitra izy ireo, eto dia antsoina handeha hitory sy hitoetra miaraka amin’ny olon-drehetra sy izao tontolo izao. Tsy hoe misaraka amin’ny vahoaka akory (eo amin’izao tontolo izao fa tsy olon’izao tontolo izao) fa miaraka hatrany, ho fanasin’ny tany sy ho fahazan’izao tontolo izao, miara-manorina ny fanjakan’ny lanitra.

Izany indrindra no hafatr’I Jesoa ao amin’ny Evanjely vao norenesintsika teo. Maniraka ny mpianany I Jesoa mba hitohy ny iraka napetraky ny Ray taminy. Raha ny marina noho ny asan’ny mpianatra dia eo anivon’izao tontolo izao i Jesoa ary dia mitohy ny asa nataony. Tanteraka ny teny fampanantenany fa mahavita mihoatra ~~a~~an’i Jesoa aza izy ireo noho ny fahefana nomeny azy ireo. Raha atao amin’ny teny hafa niakatra amin’ny Ray tokoa I Jesoa fa tsy nentiny ny fahefany fa nomeny an’ireo mpianatra.

Tsy afenina fa tsy nandeha ho azy izany tamin’ny mpianatra. Mila finoana izany fifandraisana lalina amin’I Jesoa Tafatsangan-ko velona izany ary koa mampiasa finoana ny fitoriana ny Evanjely amin’ny fiainana andavanandro. Izany no dikany hoe : Mandehana, ataovy tonga mpianatro,

manaova Batemy, ampianaro hitandrina…. Tahaka ny fahefana nananan'I Kristy no fahefana ananan'ny Mpianatra. Tsy fahefana mampandry tany fa fahefana manompo, tsy fahefana mamoritra fa fahefana tò teny mampihavana, mampiombona… Tsy mpampandry tany fa fahefana amin' izay mamatotra rehetra…

Marina tsy hoe miandry ny olona ho avy manatona fa mandeha mankany amin'izy ireo mihitsy ary tsy mpanafika fa mpamafy fiadanana sy fahamarinana. Ny asa anirahana izany dia tsy ny fitoriana fotsiny fa fanorenana ny fanjakan'ny lanitra, ny fianakaviam-ben'i Jesoa. Atao izay haharesy lahatra ka hahatonga ny hafa ho mpianatr'i Jesoa ihany koa, hanana fifandraisana lalina Aminy. Ny tanjona dia hoe i Jesoa no ho lasa Mpampianatra ho an'ny mpianatra rehetra. Raha fintinina dia hoe: ny asa fitoriana dia entina hahatonga ny firenena rehetra ho mpianatr'i Jesoa, ny tanjon'ny asa fitoriana dia ny hahatonga ny olombelona rehetra ho fianakaviana iray ao amin'Andriamanitra, hifampitondra toy ny mpihavana. Irahina ihany koa ny mpianatra hanao Batemy "amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina". Izany no mbola tohizan'ny Eglizy Reny malala hatramin'izao. Isan'ny zava-dehibe ihany koa ny fampianarana izay rehetra nandidian'i Jesoa an'ireo mpianany, tsy inona izany fa ny didim-pitiavana. Tsy hoe mijanona ho fahaizana na fahalalana fotsiny fa tena fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra mihitsy.

Marina tokoa fa ankalazaintsika androany ny Niakaran'i Jesoa Kristy any an-danitra. Tsy midika ho fanalavirana na fandaozana antsika anefa izany. Azo lazaina hoe fisondrotana. Nasondrotry ny Ray sy ny Fanahy Masina i Jesoa na koa hoe nisondrotra amin'ny maha Andriamanitra Azy, amin'izay tena afaka mijery sy mandidy ny zavatra rehetra tokoa. Tsy hitan'ny maso mivantana intsony àry Izy mandram-piverenany amim-boninahitra, kanefa dia eo anivontsika sy mitoetra ao amintsika. Izany indrindra no nampanantenainy an'ireo mpianany: "Ary indro Aho eo aminareo mandrakariva ambara-pahatongavan'ny faran'izao tontolo izao". Fampanantenana lehibe tokoa izany. Ny mpino dia tsy miantehitra amin'ny tenany fotsiny fa amin'i Jesoa Kristy eo anivony indrindra indrindra. Mahatsapa sy mino fa tsy misaraka aminy ny Tompo. Fomba maro no isehoan'ny fisian'i Jesoa eo anivontsika: ny Tenin'Andriamanitra, ny Eokaristia, amin'ny vahoakan'Andriamanitra tafavory, amin'ny namana, sns. Sokafy ny fo sy ny masom-panahy dia hahita sy hahatsapa isika fa eo anivontsika sy ao amintsika tokoa ny Tompo.

Ao amin'ny Vakiteny faharoa i Md Paoly dia mivavaka sy mangataka amin'ny Ray mba hahazoana sy handraisan'ireo kristianina tany Efezy ny "Fanahin'ny fahendrena amam-panambarana hahalalana Azy tsara". Raha ny marina ny Fahendrena dia ny fiombonana sy fahalalana lalina an'Andriamanitra izay tanteraka ao amin'ny Eokaristia izay efa hisantarana sahady ny fiombonana tanteraka any amin'ny fiainana mandrakizay. Io Fahendrena vokatry ny fiombonana asan'ny Fanahy Masina io dia maniraka ny mpianatra  hanana fiainana eokaristika izany hoe fahaizana miaina sy mivelona eo anivon'izao tontolo izao ny maha mpanara-dia marina an'i Kristy, Kristy Mpiara-belona.

Hitantsika eto fa tena mifaningotra ny fibanjinantsika ny Fiakarana sy fankalazana ny Eokaristia araka ny ambaran'i Md Paoly eto : "Nahariharin'Andriamanitra Ray tao amin'i Kristy izany heriny izany, tamin'ny nananganany Azy ho velona, sy nametrahany Azy teo ankavanany any an-danitra,

ambony lavitra noho ny fiandrianana rehetra, ny fifehezana rehetra, ny fanjakana rehetra, ary ny anarana rehetra azo tononina, tsy amin'izao fiainana izao ihany, fa amin'ny fiainana ho avy koa, fa napetrany eo an-tongony ny zavatra rehetra, ary nataony filohany ambony indrindra Izy amin'ny Eglizy, izay tenany famenon'Izy mpameno tena andavany sy antsakany amin'ny rantsam-batany rehetra". Ireo rehetra ireo tokoa no ankalazaintsika mandritra ny Eokaristia. Misy dikany manokana izany rehetra izany amin'ny Kongresy Eokaristika Nasionaly.

Ny vakiteny amin'izao fankalazantsika ny Fiakarana izao dia mampibaribary fa mpiara-belona amintsika tokoa i Jesoa. Manomboka amin'izao dia eo anivontsika tokoa Izy ary ivom-piainantsika. Izany no antony nampanantenainy an'ireo mpianany raha nilaza hoe : "*rehefa lasa aho ka hidinan'ny Fanahy masina ianareo dia ho vavolombeloko hatrany am-paravazantany*".

I Jesoa mpiara-belona dia tsy iza fa isika feno ny Fanahy masina ka irahin'I Jesoa ho eo anivon'izao tontolo izao. Isika tokoa no EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA mizara ny famindram-po amin'izao, mizara ny FIHAVANANA.

Maniraka antsika i Jesoa Kristy androany amin'izao fankalazantsika ny Fiakarana izao satria feno ny Fanahiny isika. Kristianina isika ka milaza amintsika Izy hoe : " *koa mandehana ianareo, mitoria ny Evanjely amin'ny voaary rehetra. Izay mino ka hatao Batemy dia voavonjy fa izay tsy hino dia hohelohina. Ary izao no famantarana homba izay mino : handroaka demony amin'ny Anarako izy, hiteny amin'ny fiteny tsy mbola hainy izy, handray menarana ary na misotro zava-mahafaty aza izy dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy dia ho sitrany ireny".* Hanavao ny fiainany ireo manodidina antsika raha mahita ny fiainantsika Kristianina, izany no antenaintsika amin'izao taona fandalinam-pinoana izao, i Jesoa mpiara-belona amintsika.

Ahoana àry no anatanterahana an'izany satria sarotra ny fiainana sy ny fijoroana ho vavolombelona ? Mety mitondra amin'ny fahafoizana aina izany. *"Indro aho eo aminareo mandrakariva mandrampahatongan'ny faran'izao tontolo izao"*, hoy i Kristy nanambara tamin'ireo Apôstôly sy tamintsika koa. Aza matahotra isika, aza mavozo isika fa miaraka amintsika mandrakariva I Kristy, Izy izay nandresy ny fahafatesana, nandresy ny ratsy, izany hoe narodany ilay rindrina miteraka fizarazarana. Zary Olo Araiky tokoa isika ao amin'i Kristy. Eo anivontsika tokoa Izy ka afaka mandresy an'izany rehetra izany isika.

Raha fintinina izany rehetra izany dia ao amin'i Kristy no fanantenantsika, izany ny vokatr'izao fankalazantsika izao hafaliana, finoana ary fanantenana. Mety matahotra isika miatrika ny zavatra sarotra fa indrindra amin'izao krizy izao. Fantaro fa afaka mandresy miaraka Aminy tokoa isika. Matoky isika fa ho resy izao krizy izao satria mankahery antsika I Kristy tahaka ny nankaherezany ireo Apôstôly, tahaka an'i Lucien Botovasoa ka tena afaka mijoro ho vavolombelona isika.

Aoka isika hahay hanararaotra an'izao KONGRESY EOKARISTIKA NASIONALY KEN 2024 izao handalinantsika ny anjara toeran'ny Eokaristia eo amin'ny fiainantsika. Eokaristia izay tena mampiombona antsika amin'Andriamanitra, amin'I Kristy ka mahatonga antsika hanana fiainana eokaristika. Ny tanjona dia ho i Jesoa mpiara-belona amin'ny olona isika, velona ny finoantsika ankehitriny ka enga anie mba hiroso bebe kokoa amin'ny lalindalina isika amin'ny fiainana ny

finoantsika ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka isika izao no Jesoa mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika, aoka àry ho entanin'ny FANAHY MASINA isika. Zary Tabernakla velona isika ka mamafy fiadanana, fihavanana, firaisan-kina ka ny FIHAVANANA TOKOA HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO… MPIRAY TAMPO ISIKA JIABY.

Ry Jesoa Kristy zokinay ô, enga anie izahay ho feno hafaliana, ho feno fanantenana ka hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiainana maha zanak'Andriamanitra anay amin'izao fankalazanay ny Fiakarana izao. Ianao zokinay anie hanampy anay mba ho velona tokoa eo anivonay ianao ary entanin'izany izahay ka mba hiaraka hiombona amin'ny asa fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra araka ny fanirahana ataonao anay androany. Koa ny fiainanay anie mba ho fahazavana sy fanasina ho an'ireo manodidina anay, ary izahay mba ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA HIZARA NY FAMINDRAM-PON'ANDRIAMANITRA HAMBOLY FIHAVANANA HAMPIOMBONA MANORINA HAMPIVELATRA NY MAHAOLONA MANONTOLO SY OLON-DREHETRA. Masina Maria miaraha dia aminay tahaka ny niarahanao dia tamin'ny eglizy teo am-piandohana ka nahazoanay ny Fanahy Masina. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany, mivavahà ho anay mba ho vonona tokoa izahay hahay handray ny fahasoavan'Andriamanitra amin'izao fankalazana ny Kongresy Eokaristika. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson